## Toekarena sy sosialy
# Tsy misy fihenany ny vidim-piainana andavanandro 7


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 29 Jona 2019 | Laharana 925 | Vidiny : 400 Ar


**Jehovah, Madagasikara 20 jona 2019, hafatra manokana laharana 49** 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Can 2019 – Vondrona B 5
# Taolana i Nigeria fa vonona ny Barea



## CRN sy antoko Kintana 2
# Fisaonam-pirenena tokony hataon'ny mpitondra



### FIANAKAVIANY NIHARAM-BOINA 5
## Nitondra ny voatsi-rambin'ny tanany ny CUA



### Baolina kitra Antsirabe 6
## Naaton'ny ligy ny seksioan' Antsirabe voalohany

### BEI sy Vondrona Eoropeana 7
## Foto-drafitrasa maro momba ny rano hatao eto Antananarivo

### CENI 4
## Ireo tsara ho fantatra rehetra momba ny fifidianana ben'ny tanàna

### Daka kely
Andrasana ho ripaka ve ny vahoaka vao hisy fisaonam-pirenena ry Boaikely a !

### Guy Rivo R. 2
## Hanampy ny Tim amin'ny fifidianana kaominaly



Guy Rivo Randrianarisoa

## Hanampy ny Tim amin'ny fifididianana kaominaly manerana ny Nosy

Manoloana ny resabe fa hoe niala tsy ho sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, Guy Rivo Randrianarisoa dia nilaza mazava ny tenany, fa fandaminana anatiny no mahatonga azy tsy ho sekretera jeneralin'ny CUA intsony. Tsy miala amin'ny Tiako i Madagasikara (TIM) izy araka ny naely tamin'ny tambazotran-tserasera entin'ny sasany hanaratsiana ity farany araka izany, fa mbola ao anatiny tanteraka, ary tsy mivadika amin'ny filoha Marc Ravalomanana. Ho avy ny fifidianana ben'ny tanàna, efa namoaka daty ny vaomieram-pirenena mikarakara fifidianana: ny CENI. Noho izany tsy maintsy miomana amin' ny zavatra rehetra ny antoko Tiako i Madagasikara. Izany no antony nialàko tsy ho sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra satria hanampy ny TIM aho amin'izany fifidianana izany hoy ity olona akaiky ny filoha Marc Ravalomanana ity, na eto an-drenivohitra io, na any amin'ny faritra.



*Ny mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, Guy Rivo Randrianarisoa.*

**Helisoa**

Liva- Kmfb

## Nohamafisina teny Mahamasina ny maha-zanatany Frantsay an'i Madagasikara

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena indray i Liva avy amin'ny KMFB, na Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka. 59 taona lasa izay no nanomezan'i La Frantsa ilay fahaleovantena sarintsariny an'i Madagasikara. Nohamafisin'i La Frantsa teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina izany ny 26 jona lasa teo, fa tsy manana fahaleovantena marina tokoa i Madagasikara, na eo amin'ny lafiny ara-pôlitika, na ara-toekarena, na ara-koltoraly, na ara-tafika indrindra indrindra. Gaga sy talanjona ny vahoaka malagasy tamin'io matso io raha nahita ireo miaramila, tafika frantsay mpanjanaka nandray anjara tamin'izany matso izany teny Mahamasina. Ankoatra ny maha- fetin'ny fahaleovantena io datin'andro io ihany koa mantsy, dia iaraha-mahalala fa fetin'ny foloalindahy malagasy io andro io. Eo indrindra no mampalahelo, ka mahatonga an'i Liva mametram-panontaniana hoe : tsy manana ny fiandrianampireneny intsony ve ny malagasy ? Tsy menatra tamin'ireny toe-javatra nitranga teny Mahamasina ireny ve ny foloalindahy malagasy sa mba misy ihany ireo tafika malagasy mbola mijoro sy vonona ny hiaro ny tanindrazany ? Fantatr'i La Frantsa mantsy fa efa manomboka mahafantatra ny marina mikasika ny fireneny sy ny fitsetsefana ny harem-pireneny ny vahoaka malagasy, ka mahatonga an'i La Frantsa miolomay, mandefa ireo tafika ireo eto hampitahotra sy hanamafy indray izany fanjanahantany izany eto Madagasikara, ary indrindra hiarovany ireo tombon-tsoany marobe eto Madagasikara, toy ny Iles Eparses, ny harena an-kibon'ny tany ( toy ny volamena), sy ny maro hafa tsy voatanisa. Ho an'i Liva, dia diso hevitra i La Frantsa fa na dia mitombo isa aza ireo PADESM mpivarotra tanindrazana, dia misy ary maro ihany koa ireo tafika sy olom-pirenena malagasy tena tia tanindrazana ary tena vonona sy hitolona hanavotra ny fireneny.



*Liva avy amin'ny KMFB.*

**Nangonin'Isambilo**

CRN sy antoko Kintana

## Fisaonam-pirenena, tokony hataon'ny mpitondra

Marobe ny fanehoan-kevitra taorian'ny naharatràna olona ampolony sy nahafatesana Malagasy mpiray tanindrazana efa ho 17 be izao, nandritra ny andro nankalazana ny fetim-pirenena 26 jona. Ny alakamisy 27 jona lasa teo dia naneho ny heviny manoloana ny mpanao gazety ny antoko Kintana sy ny CRN tao amin'ny foiben-toerany tao Tsaralalàna. Lazaina hoy izy ireo fa raitra ny fandaminana ary natao nipoapoaka mihintsy fa ho hentitra ny fitandroana ny fandriampahalemana ao Mahamasina mandritra ny fankalazàna ny fetim-pirenena. Tsy izay anefa no nitranga hoy ny Pasitera Edouard Tsarahame mpikambana ao amin'ny CRN fa fahafatesana Malagasy maro no hita. Fetim-pirenena no natao, kanjo nivadika fatim-pirenena. Misy ny fandaminana tokony hazava hoy ity farany satria misy mpitantana mifehy ity Antananarivo ity toy ny kaominina sy prefektiora ary ny faritra Analamanga. Tsy hita taratra anefa ireto farany, sa noraisin'ny fiadidiana ny filoha avokoa ny zavatra rehetra ? Noho izany, mila sokafana ny fanadihadiana rehetra satria maro loatra ny aina nafoy teto ny andron'ny 26 jona fetim-pirenena teo. Mila hakarina fitsaràna avokoa hoy pasitera Edouard ireo mpikarakara rehetra ny fetin'ny 26 jona. Mangataka amin'ny mpitondra ihany koa ny CRN mba hisy ny fisaonam-pirenena raha tena misy ny fitiavana ny Malagasy. Fa niresaka ny lafiny fitantanan-draharaham-panjakàna ihany koa ny minisitra teo aloha Tabera Randriamanantsoa manoloana ny tsy nanomezana hasina ny ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana, tamin'ny fankalazàna ny fetin'ny fahaleovantena teny Mahamasina. Tsy nomena haja sy voninahitra ny CUA hoy izy ary tsy najaina ny rafitra. Raha ny tena izy dia ny ben'ny tanàna no mitsena ireo filoha 2 teo Mahamasina, nefa tsy izay no zavatra nisy, fa natao ohatra ny tsy nisy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Koa rehefa tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra ve dia tsy nohajaina ilay rafitra? Ny filoha Tsiranana sy ny ben'ny tanàna Richard Andriamanjato tsy nitovy hevitra sy politika, nefa nahay niara-niasa hatrany. Ankoatra izay, mikasika ireo angidim-by sy fiara ary fitaovana ho an'ny tafika dia mametram-panontaniana mikasika izany izahay hoy Tabera. Vola avy aiza no nividianana azy ireo, nefa tsy hita ao anaty tetibolam-panjakàna sy ny fanitsiana ny tetibolam-panjakana LFR akory ? tsy fantatra na avy tany amin'ny firenena iza na aiza, ary inona ny tambiny tamin'izany ? fanontaniana mila valiny avokoa ireo, ka miandry ny vahoaka.



**Helisoa**

### Ny Valosoa sy fakafaka

## Fampandrosoam-pirenena : "Jereo aloha ny any an-tsikinana vao miady varotra"

Misy fiteny malagasy somary manitsinitsy ihany saingy koa manao izay andinihan-tena manao hoe: « Jereo aloha ny any an-tsikinana vao miady varotra ». Milaza ny amin'ny tokony hijerena ny zava-misy marina eny amin'ny tena aloha, na iainan'ny tena, izay vao tokony hihevitra ny hanakatra zavatra hafa indrindra amin'izay sarotra takarina tiana ho tratra. Niaraha-nahita ny zavanoezahina notanterahina teto amin'ny firenena nandritra ny niainana iny vaninandro nanamarihana ny tsigerin-taona faha-59 niverenan'ny fahaleovantena iny. Nisy ny faritra na tanàna noezahina nolokoina maimaika hisehoana amin'ny vahiny ny fiovana misy. Natao ny fampisehoana teny an-kianja nandritra ny fetin'ny foloalindahy ny zava-baovao samihafa indrindra ny fitaovana. Amin'ny lafiny iray tsy dia misy maharatsy izany loatra ary natao aloha izay nanakonana ny "lamba maloto" teto. Fa ny nanaitra ny sain'ny mpandalina dia ny filazana fa afaka hahavita, na hihoatra an'i Roandà i Madagasikara. Izay indrindra no ilazana ny amin'ny hoe: "Jereo aloha ny any an-tsikinana vao miady varotra". I Roandà dia firenena nahavita dingana be taorian'ny ady an-trano tany aminy ary vitany tanteraka ny fampihavanana ny samy mpiray fireneny. Tsy misy intsony ny fifankahalana sy izay fomba fisainana lomorina mety hanakantsakana ny fampandrosoana. Ny antsika eto hatraiza izay fifotorana amin'ny fampihavanana izay? Iaraha-mahita tsara ny fihetsiky ny fitondrana momba izany, fa toa tsy miraika firy akory. Vao mainka aza nanahirana ny sain'ny maro ny filazana ny amin'ny fiaingan'ny lamasinina ka izay mandeha, mandeha, ary izay tsy vonona tsy maninona na hitazana fotsiny eny ivelany, ary tsy olana na dia tsy handeha mihitsy aza. Tsy hita tao anatin'izany ny finiavana handresy lahatra amim-pahendrena ny rehetra tsy ankanavaka. Eo dia efa tsy ho vita velively izay nataon-dry zareo Roandey. Vao mainka ihany koa ny fomba fiasan'ny fitondrana tarihin'ny filohany tena hafa mihitsy izay sarotra tanterahina eto amintsika noho izay zava-misy iainana sy noterena iainana eto izay. Tsy vitan'ny vava io, fa mitaky fiovàna fomba fisainana sy fiasa eo anivon'ny fitondrana tanteraka, ary miankina amin'izay ny fiovàn'ny fomba amam-pihetsiky ny vahoaka, ka hampisy fiovàna eto amin'ny firenena. Hatreto anefa zary mbola sarotra izany.

**Sôh'son**

## Belazao

Natao leitsy ny tsy hikaozy ry Belazao fa tena tsy mety a ! ahoana leitsy ity akama eto amin'ny tanàna dangy vraky be ireto a ? zahay leitsy tena nalahelo mihintsy fa tsy hitanay izay natao satria ialahy isany no tompon'ny ketrika rehetra tamin'iny revy iny a! Mba nahalatsaka kaly be ihany ve leitsy ialahy isany teny Mavoloha, nefa ny mpokona taty amin'ny tanàna sady dangy no naratra be? Hita mihintsy ialahy fa tena Boaikely Belazao, ka tsy mahafantatra ny tokony hatao fa aleo revy ihany. Amin'izay mbola kobonay tamin'ny sary navokan'i PAOLY fa tsy ny fesibokinareo, fa mbola ilaozan'ialahy mirevy sy mitendry glita be, nefa tena feno rà nandrika teto amin'ny tanàna. Zahay anie ry Bandy tsy sarotiny amin'izay ataon'ialahy isany fa izao e, nipoapoaka mihintsy ny seraseran'ilay sipa be vava be iny hoe, mitsitsy isika dia tsy misy kaly eny Mavoloha. Zao mangataka daholo ny mpisera eto amin'ny tanàna mba hisy fisaonam-pirenena, nefa toa tsy asian'ialahy sira akory. Ataovy leitsy izay revin'ialahy fa mba mikaozy fotsiny zahay noho ilay fitiavana lehibe indrindra, hihihi!!!

## Ny Valosoa sy hadihady

# Trangam-piainana : tantely amam-bahona ny fiainan'ny Malagasy tato anatin'ny andro vitsy

Tantely amam-bahona tokoa ny fiainana raha ny tranga nisy teto an-drenivohitra tao anatin'ny telo andro, 25 sy 26 ary 27 jona 2019, no jerena. Ny harivan'ny 25 Jona, na dia tamin'ny fito ora hariva aza vao nanomboka ny afomanga dia tamin'ny dimy ora dia efa nitomandavana ny lehibe nomban'ny ankizy nankeny Anosy sy niakatra teny amin'ny tanàna ambony naka fy izany. Horakoraka tsy nisy toy izany na dia maro aza ny nihevitra fa tsy tsara loatra ny afomanga tamin'ito. Samy manana ny mahaliana azy ny tsirairay ka tsy vitsy no nijanona nanoloana ny tsangambaton-dRalaimongo, Analakely, nijery ny fampisehoana teo amin'ny lampihazo. Inoana fa nahazo fahafinaretana avokoa ny rehetra ka natory tamim-pilaminana ny alina. Ny marainan'ny 26 Jona dia efa nitanjozotra namonjy an'i Mahamasina sahady ny olona sasany na dia tamin'ny roa ora aza vao nanomboka ny matson'ny mpitandro ny filaminana (foloalindahy). Tsy afaka niditra malalaka ny kianja anefa ny olona fa nisy fisavana teo ambavahady ka efa tonga hatreny amin'ny tonelina Ralaimomngo, Ambohidahy, ny filaharana. Tamin'ny iray ora antoandro vao nalalaka ny fidirana ka nirohotra ny vahoaka mba te-hahita fa tsy hitantarana. Nahafinaritra ny olompirenena tokoa ny nahita ireo fitaovana raitra dia raitra, basy, fiarakodia, fiaramanidina, angidimby, na dia tsy fantatra tamin'ny fomba ahoana aza no nahazoana azy ireny? Nanamaloka ny matso ihany koa ny nahitàna ireo andian-tafika frantsay sy komoriana ary morisiana nandray anjara. Soa ihany fa tsy nisy sonagaly. Marina fa miara-manao fanazarantena (sarinady) amin'ny tafika malagasy ireo, kanefa heverina fa fetin'ny namerenana ny fahaleovantenan'i Madagasikara no nankalazaina, ka tsy mety amin'ny fisainan'ny olona mahatsiaro ho afaka tamin'ny ziogan'ny fanjanahana ny mbola andraisan'ny tafiky ny mpanjanaka amin'ny matso. Araka ny feo nandeha aza dia sorena hatramin'ny vahiny manankaja nasaina nanatrika ny matso, satria ny filoha Paul Kagame dia tsy tia loatra ny Frantsay, tsy miteny Frantsay mihitsy ny tenany fa teny Anglisy, na zanatany Belza izay miteny Frantsay koa aza i Rwanda. Vao mainka nanamainty ny fankalazana ny aina maro nafoy ny tolakandro noho ny fifanosehana teo ambavahady taorian'ny matso ary nanombohan'ny fampisehoana andampihazo tao amin'ny Kianjan'i Mahamasiana ihany. Fifandrifian-javatra ve satria tsy voalohany ny loza toy iny fa nanomboka ny taona 2009 dia isaky ny nisy lanonana arapanjakana tao Mahamasina dia narahina faty olona hatrany. Ny mahagaga dia tsy miaina ny soatoavina "vohin-kava mahatratra" intsony ny gasy satria heno eny an-dàlambe sy hita any amin'ny tambazotran-tserasera any fa misy ny olona mandatsa ny maty mihitsy aza, "efa hita fa mifanisika, ka mbola misisika ihany". Tsy vitsy koa anefa ny nalahelo ary nisy ireo tomponandraikitra sy olona manana ny maha izy azy eo amin'ny fiarahamonina no nidodododo teny amin'ny hopitaly HJRA nanolotra izay voatsirambin'ny tànana sy nanampy ireo naratra. Namoaka ity toe-daraharaha mampalahelo ity avokoa ny haino aman-jery sy ny gazety an-tsoratra rehetra ny 27 Jona, ka naneho fiaraha-miory amin'ny fianakaviana nanana ny maty sy nampahery ireo naratra. Ny harivan'ity andro ity ihany anefa dia nitsimbadika ny toe-draharaha, ho an'ny teto an-drenivohitra, satria ilay haizimpitony harivan'ny 26 Jona dia lasa masoandro be nibaliaka. Sambany tokoa niakatra amin'ny dingan'ny famaranana eo amin'ny sehatra baolina kitra afrikana ny ekipampirenena malagasy ary manaraka akaiky ny fizotry ny lalao ifanandrinany amin'ny ekipam-pirenena hafa ny olompirenena mpankafy izany manerana ny Nosy. Iaraha-mahalala fa nandresy ny ekipampirenen'i Burundi tamin'ny isa iray no aotra ny Barea Malagasy ny harivan'ny alakamisy teo, ka na dia nitanondrika tamin'ny loza nitranga ny omalin'io aza ny teto an-drenivohitra dia noho io fandresena io dia nivadika ho dihy sy korána nanerana ny tanàna ny fihetsehampon'ny vahoaka. Tsy azo atao ny mitanondrika amin'ny fahoriana fa tsy maintsy mitraka kanefa manoloana ny toejavatra mifanohitra toy izao dia sadaikatra eo amin'izay fihetsika mifanentana amin'izany.

***Andry Tsiavalona***

**FETIM-PIRENENA ANTSIRABE**

## Nitondra fankasitrahana ireo tompon'andraiki-panjakana

Niara-nanatanteraka fanadiovana faobe ireo tompon'andraiki-panjakana sy ireo mponina Antsirabe ny marainan' ny 27 jona lasa teo, tamin'ny fanadiovana faobe, taorian'ny fankalazana ny fetim-pirenena. Nifampizarana ireo tompon'andraikitra sy ireo komitim-panomana ny fetim-pirenena, ka nisy ny ampahany nanadio ny araben'ny Fahaleovantena notarihin-dRamatoa Préfet Andriantomponera Voahangy, ary ny ampahany kosa nanoloana ny Cathédrale sy ny Biraon'ny Faritra, niaraka tamin'ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana. Madio ny tanàna, toy ny tany alohan'ny hetsika rehetra nanomboka ny 21 jona, ary tokony hadio ihany koa izany rehefa vita ny fety. Ny fankalazana ny fety no vita, fa ny fananganana ny sainam-pirenena kosa dia ny alahady 30 jona vao hifarana. Nilamina sy nirindra tao anaty hafaliana tanteraka ny fankalazana ny fetim-pirenena teto Antsirabe. Nanoloana izany dia nitondra fankasitrahana ny rehetra ny Prefet an'Antsirabe Andriatomponera Voahangy, sy ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra mpisolo toerana Rakotomahandry Thimoté, sy ireo Filohambaomiera, ary ireo mpikambana rehetra tao amin'ny komitim-panomana ny hetsika «fankalazana ny faha-59 taona niverenan'ny fahaleovantenam-pirenena» teto Antsirabe dia maneho fisaorana eram-po eran-tsaina tamin'ny fandraisana anjaran'ny rehetra tamin'ny hetsika rehetra nanomboka ny 21 jona ka hatramin'ny 27 Jona, na lavitra na akaiky. Hita taratra teny amin'ny hetsika rehetra ny fankatoavana ihany ny hafatry ny fitondram-panjakana «Malagasy aho, Tia fandrosoana, tia ny tanindrazako ». Ho ela velona anie ny fiarahantsika mientana, aharitra anie ny fiarahamiombom-po sy fitiavana amin'ny mpiasampanjakana rehetra sy ireo tsy miankina eto Antsirabe sy Vakinankaratra manontolo. Tsy adino ihany koa ny misaotra ny vahoakan'Antsirabe tonga tamin'ny fanotronana ny hetsika rehetra ary tao anaty filaminana tanteraka.

***Lezama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao, tsetsatsetsa tsy aritra : maro ireo teny miendrika tsikera na fanakianana mivantana na ankolaka nataon'ilay filoha nasaina t@ fankalazana ny 59 taona ny fahaleovantena iny, anisany nahalasa ny saiko ireto...

* Tena mahaleotena marina ve ny Malagasy???

*Raha tianareo ny hitovy @nay dia 50%ny gasy mitenena Anglisy...

*Mila miova ny toe tsaina...*sns... Fa nandinika tokoa aho. Maro ireo seho sy fiteny mbola manamarika ny tsy fahaleovantenantsika zany...

*Ny fisian'ny Tafika Frantsay nanao fanamiana fiadiana, fa tsy fanamiana Mihaja ho fanomezam-boninahitra ny fetim- pirenena atrehiny izany.

**ANISANY TENY NANKARARY NY SOFIN'NY MARO NY FIVERENAN'NY TENY HOE RENY MALALA TENY MAHAMASINA.

***Ny fanovana ny fomba rehetra fanaon'ny maha Malagasy eo Mahamasina.

****NY TENA NAHAGAGA AHY DIA NY NANEKEN'NY MIARAMILA HANANGATSAINA AO AORIAN NY @ 12 ANTOANDRO, izay tena tsy dia fomba ara- Miaramila loatra izany.

*****Ny fanehoana ny fanao ara- miaramila frantsay nandritra ny Matso. Ambava homana am po mieritreritra. INONA T@ IREO TSIKERANY IREO NO TSY EFA NIZORAN'NY FIRENENTSIKA 10 TAONA LASA IZAY????

MINO AHO FA I RWANDA TANY AORIANTSIKA. RAHA NITOHY NY FAMPANDROSONA NOTARIHIN'NY FILOHA RAVALOMANANA... ZAO ISIKA MANIRY OLONA FA TSY MBA IRIN' OLONA.... MBA TE HITOVY @ RWANDA E!!! saingy LA FRANTSA MOA RENY MALALA E???

***Falinirina Randrianarivelo***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## NY TENY FIAINANA




***Apokalypsy 21:5***

*Ary hoy Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana: Indro, havaoziko ny zavatra rehetra. Ary hoy koa Izy: Soraty; fa mahatoky sy marina ireo teny ireo.*

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Isaky ny mamory vahoaka be ny fitondrana Rajoelina dia misy maty, mampieritreritra

**As Toufl Andriatsialonina :** ny fitondrana RAJOELINA HATRETO NO FILOHA NISY FATY OLONA MARO NANDRITRA NY MATSO SY FANKALAZANA FETIM-PIRENENA. Tsy Nisy Otrizao tamin'Ny Mpitondra Teo Aloha Rehetra.

**Fiore Flore :** asakasakze donto !

**Aina Rakoto :** ALEFA BAREA! !!!

**Soanome Rakoto :** fa ny FITIAVANA no ambony indrindra,fitiavan'ny vahôka ny podium, ny fifaliana noho ny 59 ans de l'indépendance, no nanosika azy ireo, TSS nanampo na ny iray tamreo Maty reo oe eto no farafofonainy. Tena tsy tontosa hatramin'ny farany ny fandaminan'ny mpikarakara dia ny mpitandro filaminana sy ny prezidansa.

**Zazah Florentinah :** marina zany, midika iny fa tsy nahay nikarakara ny mpikarakara dia ny mpitondra miainga amin'ny prezidansa, mitohy amin'ny miaramila sy zandary.

**Mïih Tölöjanâhåry :** sika gasy no tsy azo alamina, na izany azan y mpitondra mpikarakara nandamina koa no tsy nahay mihitsy!

**Fy Rarivoarison :** iza no nampianatra tsy ho azo alamina aloh eeee? Iza no tsy nahandry tantana tam 2009 fa nanakorontana sy nitarika korontana ambony ambany, nanongam-panjakana??? Tahadray io ry-âne aaa, fanahafana an'i Andry Rajoelina, mpanongam-panjakana, mpandika lalàna.

**Amboaraniaina Nomenjanahary :** nanomboka ny 2009 ne no nahatonga ny gaboraraka rehetr teto e! Veloma ra fihavanana , ra fitiavana, ry discipline, ryfifanajana, ry soatoavina, ry fahendrena ..nanomboka teo! De izao sisa, miaina gaboraraka ankehitriny ny Malagasy.

**Jah Bless :** isaky n mamory vahoaka d mis faty olona foana ny fitondrana Andry Rajoelina, mampieritreritra.

## TONONKALO

### Tsy misy fiovana

Misy olona tsy miova , mampisento , mampisaona ,
Fa na fihetsika na fomba , toy ny zaza tsy ampy taona.
Tsy mba misy fivoarana , tsy ampy fanetrena tena.
Mahakivy ny olo-maro sy ny manam-pahendrena .

Mihevi-tena ho maranitra sy mirehaka ho fiharatra,
Be fitaovam-piadiana ka dia sahy mihaika varatra ?
Mba nandrasana hivoatra, kanjo indrisy mampangovitra .
Vava foana no mitriatra , toy ny vorodamba rovitra .

Mahazendana ny fihetsiny , f'izy mihevitra ho sangany .
Saingy hatreto toa tsy tazana izay mba zavatra natsangany.
Potika ny firenena , very izay mba fiandrianany ;
Maizin-kitroka ny ampitso sy ny hoavin'ny taranany .

O ry olona tsy miova nefa faly ny mitonona
Fa hoe kinga sy mahay na koa Tanora Gasy Vonona.
Tsy ny fihetsikao ivelany , tsy izany no ilaina .
Mihisatra ny lamasinina ka meteza ho tonga saina !

***DADAN'i ZINA (26-06-19)***

CENI

# Ireo tsara ho fantatra rehetra momba ny fifidianana ben'ny tanàna

Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny avy amin'ny CENI, na ny vaomieram-pirenena misahana ny fifidianana ny alakamisy teo, nambara tamin'izany fa mba ho fitandrovana hatrany ny mangarahara amin'ny fitantanana ny fifidianana, dia nanatanteraka izany valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety izany izy ireo. Teboka roa no nivoitra nandritra izany: ny taratasy voarain'ny CENI, ny alakamisy 20 jona lasa teo izay nosoniavin'ny Ministry ny Atitany, izay mikasika ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina, sy ny fanamafisana ny fanatsarana ny lisi-pifidianana. Momba ny volavolana tetiandro sy volavolana teti-bola na "caution" amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna: zavatra roa mazava tsara no votoatin'ny taratasy izay voarain'ny CENI ary mikasika ny Fifidianana Ben'ny Tanàna sy ny Fifidianana mpanolo-tsaina, izay nandraisan'ny CENI, tamin'ny alalan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, fanapahankevitra. Fanapahan-kevitra manodidina ny volavolana tetiandro sy ny volavolana teti-bidy, na "caution" hahafahana mirotsaka ho kandidà ho amin'ireo fifidianana roa ireo. Volavolana tetiandro aroson'ny CENI: andron'ny latsa-bato: 28 ôktôbra 2019; fametrahana antotan-taratasy firotsahana hofidiana: 20 jolay – 3 aogositra 2019. Famoahana ny lisitra ofisialin'ireo kandida: 15 aogositra 2019. Famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika: 16 novambra 2019. Famoahan'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana (Tribunal Administratif) isaky ny Faritany ny voka-pifidianana ofisialy: 15 desambra 2019 farafahatarany. Araka ny nambaran'i Rakotonarivo Thierry, Filoha lefitry ny CENI dia "Fifidianana roa samihafa ireo fifidianana hotanterahana ireo ary samy hanana ny vata mangaraharany sy hanana ny fombafomba-pifidianany azy avy.

**Ho an'ny fifidianana Ben'ny Tanàna**

"Suffrage universel direct au scrutin uninominal majoritaire à un tour", na ny fifidianana handraisan'ny rehetra anjara mivantana indray mihodina fifidianana olon-tokana ary handresen'izay hahazo vato betsaka indrindra.

**Ho an'ny fifidianana mpanolo-tsaina**

Handraisan'ny rehetra anjara mivantana ihany koa dia ny «scrutin de liste à la représentation proportionnelle suivant la règle du quotient électoral et la règle du plus fort reste ».

**Volavolana teti-bola na « caution »**

Miankina amin'ny sokajy misy ny Kaominina sy arakaraky ny isan'ny mponina no nametrahana izany, na izany ho amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna, na izany ho amin'ny fifidianana mpanolo-tsaina.
Sokajin'ny Kaominina, isan'ireo mpanolo-tsaina mpanolo-tsaina hofidiana. Isan'ny mponina. Teti-bola tokony haloa. Kaominina ambonivohitra Antananarivo (Commune Urbaine hors catégorie : Antananarivo). Na firy na firy ny isan'ny mpanolo-tsaina: 5 000 000 Ariary. Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany (Communes Urbaines de 1ère catégorie), na firy na firy ny isan'ny mpanolo-tsaina: 2 500 000 Ariary. Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa (Communes urbaines de 2ème catégorie), mpanolo-tsaina 19 mihoatra ny 250 000 : 1 000 000 Ariary. Mpanolo-tsaina 15, eo anelanelan'ny mpifidy 120 000 sy 250 000: 550 000 Ariary. Mpanolo-tsaina 13, eo anelanelan'ny 80 000 sy 120 000 ny isan'ny mpifidy: 500 000 Ariary Mpanolo-tsaina 11, eo anelanelan'ny 50 000 sy 80 000: 450 000 Ariary ny antobola. Mpanolo-tsaina 09, latsaky ny 50 000: 400 000 Ariary. Kaominina ambanivohitra, mpanolo-tsaina 07, latsaky ny 10000 ny mpifidy: 350 000 Ariary. Mpanolo-tsaina 05, latsaky ny 10000: 300 000 Ariary. Araka ny fanamarihina nambaran'ny Filoha lefitry ny CENI ihany dia mitovy ny saran'ny fandraisana anjara ho amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny Fifidianana mpanolo-tsaina . Tarehimarika mikasika ny Kaominina ambonivohitra eto Madagasikara: isan'ny Kaominina: 1695, Kaominina tsy voasokajy (Hors catégorie) : 1 (Antananarivo). Kaominina ambonivohitra sokajy voalohany : 8. Kaominina ambonivohitra sokajy faharoa: 67. Totalin'ny Kaominina ambonivohitra: 76. Tarehimarika mikasika ny Kaominina ambanivohitra eto Madagasikara : Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany : 99. Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa: 1520. Totalin'ny Kaominina ambanivohitra: 1619.

**Fanamafisana ny fanatsarana ny lisi-pifidianana**

Anisan'ny nahazoana fitarainana sy fanakianana ary soso-kevitra be indrindra ny lisi-pifidianana nandritra ny fifidianana Solombavambahoaka ny 27 mey lasa teo. Noraisin'ny CENI avokoa araka izany ireo soso-kevitra izay mety hitarika ny fanatsarana. Taorian'ny fivorian'ny Birao Maharitra araka izany dia nanapa-kevitra ny CENI fa tsy maintsy hisy ireo fepetra horaisina hanamafisana ny fanatsarana ny lisi-pifidianana. « Tsara ny manamarika fa ny lisi-pifidianana na Régistre National des électeurs dia tsy ho azo sokafana (tsy afaka ny hampiditra na hanaisotra) raha tsy amin'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana, manomboka ny 1 desambra 2019. Miankina amin'ny fitondram-panjakana indray ny mety hisian'ny fanavaozana manokana ny lisi-pifidianana », hoy hatrany ny fanazavan'i Rakotonarivo Thierry. Ho an'ny CENI na hisy na tsy hisy izany fanavaozana manokana izany dia efa natomboka ny asa. Efa nofariparitan'ny CENI avokoa araka izany ireo izay mety ho nitarika ireo fitarainana maro samihafa nandritra ny fifidianana Solombavambahoaka lasa teo ary maro tamin'ireo fitarainana avy amin'ny mpifidy ny nanana kara-pifidianana kanefa tsy tao anaty lisi-pifidianana. Voafaritra fa antony efatra no nahatonga izany : hetsika fanesorana ireo anarana miverina in-droa teny anivon'ny Distrika na "operation de dédoublonnage au niveau de District". Fanesorana ny anarana miverina in-droa teo amin'ny sehatra Nasionaly. Fanesorana ny anaran'ireo olona tao amin'ny Fokontany iray ary nafindra tany amin'ny Fokontany hafa noho ny fifindra-monina. Fanasarahana ny birao fandatsaham-bato rehefa nihoatra ny 700 ny isan'ny mpifidy. Mba hanjakan'ny mangarahara tanteraka mikasika ny lisi-pifidianana araka izany dia havoaka sy azo jerena ho hitan'ny besinimaro eny anivon'ny Fokontany ireo lisitra nampiasaina nandritra ny fifidianana Filoham-pirenena ny taona 2018 sy ny lisi-pifidianana nampiasaina nandritra ny Fifidianana Solombavambahoaka tamin'ny 29 mey lasa teo. Manao antso avo amin'ireo Fokontany ary indrindra ny mpifidy araka izany ny CENI, fa afaka atao tsara ny fampitahana ireo lisitra roa ireo, izay hahafahana mahita ny mety ho lesoka sy hahafahan'ny tsirairay manamafy ny safidiny amin'ny toerana tiany hisoratana anarana.

***Nangonin'Isambilo***

Fetim-pirenena

# Nomena tombony ireo zaza nania tao Antsirabe

Talem-paritry ny Mponina,ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, nanolotra fanampiana ho an'ny Akany Fanantenana Andohantany, izay hitaizana ireo zaza nania eto Antsirabe. Tamin'ny ankatoky ny asaramanitra dia nanao hetsika ara-tsosialy ny avy ao amin'ny Foibem- paritry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy. Niantefan'izany hetsika izany ireo ankizy adalam-panarenana ao amin'ny akany Fanantenana, etsy amin'ny fonja Andohatany tantanin'ny «Association pour la Sauvegarde et la Protection de l'Enfance (A.S.P.E) ». Notanterahana ny 24 jona 2019 ny fanoloran'ny Sampan-draharahan'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy: vary, vatomamy sy biscuit, tsy nanadino azy ireo ihany koa tamin'ny arendrina nentiny nankalaza ny fetim-pirenena Malagasy. Ahitana ankizy 20 no taizana ao anatin'ity akany Fanantenana ity: 4 vehivavy ary 16 lehilahy. Misokajy toy izao ny momba ireo zaza ireo: zaza very, kamboty, fanilihan'ny fianakaviana, maditra. Ny akany dia mitaiza ka misy ny fianarana zaitra, zaridaina, mianatra teny anglisy, misy koa ireo mianatra any an-tsekoly. Nampahery azy ireo ny Talem-paritry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy. Anisan'ny mpiahy ireny akany ireny ny eo anivon'ny Ministeran'ny Mponina.

***Lezama***

## Sakafo Ny Valosoa



Trondro nahandro gasy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Trondro, hampiarahina saosy tongolo sy voatabia. Dia mazotoa homana hatrany tompoko

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny anana, anamalao

Ny soa azo avy amin'ny anana, anamalao indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala ny tasy rehetra, indrindra amin'ny tarehy, noho ny tasy navelan'ny mony, na tasy panda izy. Mety amin'ny tarehy rehetra, na maina na be menaka. Fampiasana azy : ampangotrahana ny anamalao, ohatra: rano 1l ho an'ny anamalao eran'ny tanana raviny miaraka amin'ny tahony io dia tanehana avy eo. Avela hangatsiaka , iny no anasana tarehy , mety kokoa raha avy mifoha maraina no anaovana azy, atao isan'andro. Sasao amin'ny savony mahazatra dia avy eo kobanina amin'ny rano tsotra.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'i Befotaka any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana

Ny tanànan'i Befotaka any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Befotaka ity tanàna ity, kaominina ambanivohitra. Avo toerana ihany ity tanàna ity, satria 780 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Manamorona ny renirano Itomampy ity tanàna ity, 134 km no elanelan'izy sy ny tanànan'i Vangaindrano. 42 km miala avy eo Befotaka no misy ny valan-javaboaharim-pirenen'i Midongy Atsimo. Faritra saro-dalana ity tanàna ity ary anisan'ny faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana. Vokatra any ny vary, mpiompy omby koa ny any an-toerana.



# Jehovah, Madagasikara 20 jona 2019, hafatra manokana laharana 49

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

***Asan'ny Apostoly 19: 2 "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo? Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina."***

Ry mpamaky sy mpihaino: na iza na iza milaza fa manana ny FANAHY MASINA kanefa tsy mandalo BATISA dia tsy hahatsapa na inona na inona. ***Asan'ny Apostoly 19: 4***. Izany hoe: tokony ary tsy maintsy mandalo ireo Batisa voalaza teo aloha. Fantatrareo tsara ary efa nampianarina anareo tsara fa ny BATISAN'NY FANAHY MASINA rehefa tonga na milatsaka eo aminareo dia FITENY TSY FANTATRA NO POROFO fa tonga ao amin'ny olona iray tokoa ny FANAHY MASINA. Ilay fiteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia midika hoe: FANJAKAN'NY LANITRA ary izany FANJAKAN'NY LANITRA izany dia tahaka ny tsy hahalalanareo izany teny tsy fantatrareo izany koa izany FANJAKAKO izany. Inona izany? Manahoana izany FANJAKAKO izany? Miaraka amin'ny HERY izany. Misy FAHEFANA koa izany. Raha misy olona miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia ao anatiny ilay FANJAKAN'NY LANITRA. Ny HERY ao amin'izany dia FITIAVANA sy FIADANANA, ***I Korintiana 13: 4- 10*** *"Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miaramifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana. Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika; fa rehefa tonga ny tanteraka, dia tsy hisy sombintsombiny intsony."* Ary ny FIADANANA koa dia miaraka amin'ny FANJAKAN'NY LANITRA. ***Jaona 14: 27*** *"Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.'* **Isaia 48: 18-19** *"Dia ho tonga tahaka ny ony ny fiadananao, ary ho tahaka ny onjan-dranomasina ny fahamarinanao, Ary ho tahaka ny fasika ny taranakao, ary ny aloaky ny kibonao ho tahaka ny sombim-pasika; Ny anarany tsy ho tapaka na ho foana eo anatrehako.".* FIADANAN'NY LANITRA, JESOSY no niteny izany ka tsy misy tokony hampatahotra anareo ary namepetra mihitsy fa mbola ho avy eo aminareo indray. Izany indray mihitsy no tokony ho fantatrareo sy andrasanareo mafy. Marina, mety ary mazava tokoa izany fampianaranareo ny amin'ny FANAHY MASINA fa IZAHO JEHOVAH koa manampy izay voalazanareo satria fantatro fa manjavozavo aminareo ary marina tokoa fa sombintsombiny ihany ny fahalalanareo. Ka dia fenoiko izany ka ianaro tsara e! hoy JAONA mpanao Batisa: ***Matio 3: 2*** : rehefa mibebaka ny olona anankiray dia tonga ao aminy ilay FANJAKAN'NY LANITRA. Ny fitambaran'ireo BATISA DIMY no atao hoe FANJAKAN'NY LANITRA ary ilay FANAHY MASINA sy ny HERY ary ny FAHEFANA miaraka Aminy no maneho izany FANJAKAKO izany amin'ny alalan'izay manana Azy. Mba fantatrareo? Nahoana moa no ilazana hoe efa akaiky izany FANJAKAN'NY LANITRA izany? Rehefa vitanao ireo dingan'ny Batisa dimy ireo dia izay no izy. Ny AFO no mandrehitra ilay Fanahy Masina sady AFO koa IZY ary dia hainy sy vitany avokoa ny zavadrehetra, eny asehony na dia ny zavamiafina sy mahagaga aza. Izay ilay FANJAKANA. Izany hoe amin'ny alalan'io FANAHY MASINA io no isehoako fa MANJAKA sy MPANJAKA eo amin'ny olona iray AHO JEHOVAH. Araho tsara ity lalan'ny FANJAKAKO ity dia ho fantatrao ny marina fa ny FANJAKAKO dia TOKANA tsy mizarazara. Tsy miova io ary tokony tsy ovaina koa. Arak'izay namoronako izany no hamerenako azy amin'ny laoniny. Raha niainga tao AMIKO JEHOVAH ny FANJAKANA, izay mahatonga ilay Teny hoe: FIANDOHANA sy FIAFARANA. Aoka tsy hohadinoinareo fa ny FANJAKAKO dia MAHERY, MATANJAKA, LEHIBE, misy VONINAHITRA, HERY sy FAHEFANA, MAHARITRA MANDRAKIZAY, TSY RAVA, TSY MIHOROHORO ary TSY AZO AMPIHOROHOROINA, ***Hebreo 12: 28*** *".Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampihorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana"* FANJAKANA MASINA, MARINA, FANJAKAM-PISORONA, FANJAKANA MANDRAKIZAY, ***Daniela 2: 44*** *".Ary amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo JEHOVAH Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay; ary izany fanjakana izany tsy havela ho an'olon- kafa, fa ireo fanjakana rehetra ireo dia hotorotoroiny sy holevoniny, fa izy kosa hitoetra mandrakizay."* Raha nampidinina ilay FANJAKANA, AHO JEHOVAH dia misy ary MPANJAKA miaraka aminy ary koa misy Firenena anjakany dia ny tany sy olona monina eo aminy. Averiko izany, toviko izany, tantehahiko izany ary ny sitrapoko no hatao ao anatin'izany FANJAKANA izany.

taty an-danitra no niandoha ny **FANJAKAKO, *Isaia 33: 22, Salamo 10: 16, Salamo 96: 10, Salamo 97: 1***. Izay no mahalaza fa IZAHO JEHOVAH no MPANJAKA.

dia nampidina an'i **JESOSY** teo amin'ny tany AHO naseho IZY fa MPANJAKA, niriaria teo amin'ny olona ary nampianatra sy nilaza ny amin'ny fotoan'ny FANJAKANA, ***Asan'ny Apostoly 1: 6-8***

**JESOSY nametraka ny FANAHY MASINA**: na dia niala aza IZY dia nametraka ny FANAHY MASINA ka nilaza fa mbola hiverina indray, ***Jaona 14: 16-17, Asan'ny Apostoly 1: 11***

Rehefa niala JESOSY dia nalatsaka ny **FANAHY MASINA** na ilay FANJAKAKO JEHOVAH tamin'ny andron'ny Pentekosta, ***Asan'ny Apostoly 2: 2-4, Joela 3: 1-5***

Ny olona izay manana ilay FANJAKANA ao anatiny dia miandry ny **FAMPAKARANA NY FIANGONANA**, ***Lioka 17: 20-21, Apokalypsy 19: 7-9.***

**JEROSALEMA VAOVAO** ampidinina eo aminareo : fatorana indray i losifera. ***Apokalypsy 20 : 1-2***

Miafara amin'ny **FIAINANA MANDRAKIZAY. Miverina aty AMIKO fa vita ny FITSARANA. *I Jaona 1: 2, I Jaona 2:25. I Jaona 5:11, I Jaona 5: 20.***

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**CUA**

# Nitondra ny voatsirambin'ny tanany ho an'ireo niharam-boina sy ny fianakaviany

Tonga nitsidika tetsy amin'ny hopitaly HJRA Ampefiloha ny alakamisy maraina teo, nampahery ireo maratra sy ny fianakaviana manana havana namoy ny ainy, noho ny zava-nitranga tetsy Mahamasina ny harivan'ny fetimpirenena 26 jona teo, ny Kaominina Antananarivo Renivohitra notarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky. Tonga nampionona sy nankahery ireo fianakaviana nanana havana namoy ny ainy izy ireo, sy nitondra solon-dranomboankazo ho an'ireo naratra vokatr'iny loza nitranga teny Mahamasina iny, ny mpiandraikitra ny fiadidiana ny tanàna hoy ny ben'ny Lalao Ravalomanana. Teto an-drenivohitra no nitranga ny loza hoy izy dia tsy maintsy mijery ireo vahoakany niharamboina ny Kaominina, ao anatin'ny fampanjakana ny fihavanana soa toavina Malagasy ihany koa izany. Notoloran'ny kaominina fanampiana izay voatsirambin'ny tanany avokoa arak'izany ireo naratra sy ireo nanana ny namoy ny ainy tamin'iny voina iny.



*Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, sy ireo mpiaramiasa aminy, tetsy amin'ny hopitaly HJRA Ampefiloha.*

***Isambilo***

**Can 2019 – Vondrona B**

# Taolana i Nigeria fa vonona ny Barea

Na azo lazaina ho taolana aza i Nigeria, satria anisan'ireo ekipam-pirenena sangany aty Afrika amin'ny baolina kitra, vonona kosa ny Barea handresy sy hiaro hatramin'ny farany ny voninahim-pirenena rahampitso hariva any Egypta. Mahavelombolo ny mpitia baolina kitra malagasy sy ny vahoaka manontolo ny vokatra azon'ny mpilalao malagasy izay miatrika ny Can 2019 any Egypta amin'izao fotoana izao. Lalao roa izay no vita, manana isa 4 ny Barean'i Madagasikara taorian'ny lalao ady sahala 2 sy 2 nanoloana an'i Guinée, ka nahazoana isa 1 sy ny nandreseny ny ekipam-pirenen'i Burundi 1 no ho 0, ka nahazoana isa 3, izay manome azy ho laharana faharoa aorian'i Nigeria izay efa manana isa 6, satria nahazo fandresena roa nanoloana an'i Guinée sy Burundi. Miditra amin'ny andro fahatelo farany amin'ny fifanintsanana ny vondrona rehetra manomboka rahampitso alahady, ka hisantatra izany ny ao amin'ny vondrona B izay hifandonan'ny Barean'i Madagasikara amin-dry zareo Nigeriana ao amin' ny kianjan'i Alexandrie, sy ny ekipam-pirenen'i Guinée hifandona amin' ny Burundi ao amin'ny kianjan'i Le Caire. Araka izany amin'ny maha andro faran'ny fifanintsanana dia hitovy avokoa ny ora hanatanterahana ny lalao, ka ho an'ny vondrona B dia samy hanomboka amin'ny 6 ora any an-toerana. Raha tsiahivina ny tantara, fanindiminy amin'ny fihaonan'i Madagasikara sy Nigeria ity lalao rahampitso ity, mbola tsy tafavoaka tamin'ny Super Eagles mihitsy ny Barea tamin'ireo fihaonana natao saingy efa nahavita nitazona 0 sy 0 tamin'ny taona 2000 tetsy amin'ny kianjan'Alarobia tamin' izany fotoana. Inoana araka izany fa tsy maintsy hiady mafy hatrany mba hanova ny tantara ireo ekipantsika ireo satria tsy fantatra izay kitrano an-trano mety hiseho eo amin'ny fihaonan'i Guinée sy Burundi, ity farany izay efa tapitra hatreo ny diany ho amin' ny Can 2019 satria dia efa nahazo faharesena roa. Hatreto raha ny fahitana azy dia efa mizotra mankany amin'ny 1/8-dàlana ny Barean'i Madagasikara taorian'ny nahazoana fandresena voalohany ny alakamisy teo, fandresena izay manantantara tokoa satria fandraisana anjara voalohany tamin'ny Can ary fandresena voalohany. Maro mantsy ireo vahiny any ivelany no toa nametraka mihitsy ny Barean'i Madagasikara ho amin'ilay antsoina hoe « outsider » tamin'izao Can 2019, atao fakana isa fotsiny, nisy mihitsy aza ny mpanao gazety ara-panantanjahatena afrikana tena nanambany mihitsy ireto ekipantsika ireto kinanjo tsy izay no niseho, ny baolina boribory. Ny vava no tsy atao be fa ny mamerina azy no manahirana hoy ny fitenintsika Malagasy izay. Alefa Barea aaaa !

***Andriam***



BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Ankizy latsaka ny 15 taona miisa 100 nahazo kopia fahaterahana maimaimpoana

Zaza latsaky ny 15 taona miisa 100 avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) no nahazo kopia maimaimpoana ary antontan-taratasy fangatahana kopia nahaterahana miisa 180 kosa no notsaraina faobe omaly tao amin'ny « salle de mariage » Boriboritany Voalohany. Izao no natao dia mba ho fanamorana ny hahazoan'ny ankizy taratasy ara-dalàna, hahafahan' izy ireo misitraka ny zony. Tsara ny manamarika fa tafiditra tanteraka ao anatin'ny asa sosialy izay efa hetsika fanao isan-taona eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ny fikarakarana hetsika fanolorana kopia faobe toy izao. Raha araka ny nambaran'ny Lefitra Voalohan' ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Raharihasina Asolo izay mpiandraikitra ny sora-piankohonana dia misy ny lalàna izay tokony ho arahina mba hahazoan'ny zaza ny kopia nahaterahana dia ny fanambaran'ny Ray aman-dReny ny nahaterahan'ny zaza eny anivon'ny Boriboritany mialohan'ny 12 andro izany, raha tsy vita ao anatin'izay fe-potoana izay kosa ny fanambarana dia tsy maintsy mandalo fitsaràna avy hatrany ny fanomezana kopia. Notolorana fisaorana manokana tamin'ity hetsika ity ny ONG « Kolo aina » sy ireo mpitsara ambaratonga voalohany, izay nanatanteraka ny fotoam-pitsarana, mba hahafahan'ireto ankizy ireto mahazo ny kopia nahaterahana. Koa Entanina hatrany ireo Ray aman-dReny vao teraka, mba hanatanteraka ny fikarakarana ny kopia nahaterahana eny anivon'ny Boriboritany.



*Ny fizarana kopia tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

**Serge**

Boriboritany voalohany (CUA)

## Miverina ny fahadiovan'Analakely sy ny manodidina taorian'ny fety

Vita ny fety, miverina ny fahadiovan'Analakely sy ny manodidina taorian' ny fetim-pirenena. Mitohy indray ny fiainana andavanandron'ny mponina, ho an'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia asa fanadiovana goavana nanomboka teny Andohan'Analakely ary nifarana teny amin'ny Gare Soarano no niandry azy ireo. Efa nivonona tamin' ny angady sy ny harona tokoa ireto ekipa ireto satria efa fantatra fa loto sy fako no mameno ny tanàna rehefa vita fety tahaka izao. Araka izany dia nohetsehina sy nentanina avokoa ireo hery velona rehetra teo anivon'ny Boriboritany Voalohany amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny Renivohitra. Raha araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Randriamamonjy Lantoniaina : "tsy maintsy madio ary haverina amin'ny laoniny ny tanànan'Antananarivo na dia eo aza ireo fako misavovona etsy sy eroa. Nanentana ihany koa ity farany mba handray andraikitra sy hahatsiaro tena amin'ny fahadiovan'ny tanàna ny tsirairay satria dia tanàna iaraha-manana Antananarivo ary izay tsy mandoto hoy izy dia efa anisan'ny manadio. Efa hatramin'ny andron' ny 26 Jona no nanatanteraka fanadiovana teny an-toerana ireo ekipa mpanadio niisa 60 avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany ary asa goavana no niandry azy ireo satria dia niparitaka manerana ny tanàna ny loto sy ny fako efa ho aman-taonina. Vita soa aman-tsara ankehitriny ny asa fanadiovana koa manentana hatrany ireo mponina ny tompon'andraikitry ny tanàna eto Antananarivo, mba hanaja sy hikajy mandrakariva ny fahadiovana.



*Ny asa fanadiovana an'Analakely sy ny manodidina nataon'ny Boriboritany voalohany.*

**Aly**

Antsirabe

## Fiara nifaoka posy, lasa nitsoaka

Na dia azo nambara aza fa tao anatin'ny filaminaa no nanamarihan'Antsirabe ny fetin'ny fahaleovantena, dia nisy tranga vitsivitsy kosa anefa nanamarika ihany iny asaramanitra iny. Voalohany amin'izany,dia ny nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana ny alarobia maraina teo, tao amin'ny Route d'Ambositra eto Antsirabe. Posy iray sendra nijanona teny amin'ny làlana teny mantsy no fantatra fa nogfaohon'ny fiara Mazda iray mpitatitra izay mampitohy An'Antsirabe sy Ambositra. Naratra mafy vokatr'izany ilay mpitondra ny posy ary potika ny fitaovana nentiny. Asa na nohon'ny tahotry ny fitsaram-bahoaka na ahoana, fa tsy nijanona mihitsy ilay fiara fa avy hatrany dia nitsoaka nanohy ny làlany ihany. Toerana azo ambara ho be olona ihany anefa nonitrangan'ny loza, ka dia hitan'ny olona tsara ny mombamomba ilay fiara. Nampandre ny polisy avy hatrany ireo nahita, saingy hatramin'ny omaly nanoratana aloha, dia nanambara ny avy eo anivon'ny polisy eto Antsirabe Ambonivohitra, fa tsy mbola hita io fiara io, saingy efa fantatra ksoa ny momba azy manontolo sy ilay mpamily. Ankoatra izay, dia fantatra fa olona 4 ihany koa no nosamborin'ny polisy nandritra ny fetin'ny asaramanitra teo iny. Tovolahy mamo avokoa ireo voasambotra ireo, ary nanambara ny kaomisera Andrianaja Patrick, fa fanohintohinana ny filaminam-bahoaka no nahavoasambotra azy ireo Nanambara ihany koa io omaly io ihany ny polisy eto Antsirabe, fa hihenjana amin'izay amin'ny fanalana ireo mpivarotra amoron-dàlana izy ireo satria nisymoa iny herinandron'ny fety iny ka nisy fandeferana ihany ireo mpivarotra kilalao teny amoron-dàlana teny.

**Solohery**

Baolina kitra Antsirabe

## Naaton'ny ligy ny seksioan' Antsirabe voalohany

Delegasiona manokana indray izao no mitarika sy mitantana ny seksionan'ny baolina kitra ho an'ny eto Antsirabe voalohany, rehefa naaton'ny avy eo anivon'ny ligy ny mpitantana ny seksiona. Nanaraka ny dingana sy ny ala nenina rehetra mihitsy vao tonga amin' izao fampiatoana izao izahay, hoy i Fidy Andriatomponera, filohan'ny ligin'ny baolina kitra eto Vakinankaratra, raha niresaka momba ny tranga mahazo ny seksionan'Antsirabe voalohany ny tenany. Efa ny taona 2017 no voafidy ireo mpitantana ireo, raha ny fanazavana hatrany, saingy nandritra izay 2 taona latsaka izay, dia tsy nisy zavatra na hetsika mihitsy mba nataon'ireo mpitantana ny seksiona ireo, nahatonga ny fitoriana azy ireo. Hatramin'ny fiadiana ny tompondakan' ny seksiona, tsy nanao izy ireo, ary na dia fivoriana handaminan-javatra iray aza tsy natao ihany koa. Ny fahitana izany no nahatezitra ireo klioban'ny baolina kitra maro eto Antsirabe voalohany, ka nametrahan'izy ireo fitarainana teo anivon'ny fiadidiam-paritry ny tanora sy ny fanatanjahantena aloha. Efa nisy ihany ny famahana olana, saingy tsy nampiova ny fomba fiasa sy fitantanan'ireo ekipan' ny seksiona teo aloha mihitsy izany. Tsy maintsy noraisina io fepetra io, hoy hatrany ny filohan'ny ligin'ny baolina kitra eto Vakinakaratra, ary nampanarahana ny lalàna rehetra izany. Efa mandray ny asany ireo delegasiona notendrena hitantana vonjimaika aloha izany, ary raha ny fepetra sy ny lalàna mifehy ny baolina kitra dia tokony ho eo amin'ny enimbolana eo ho eo no hamelana ireo delegasiona manokana ireo hanao ny asany.

**Solohery**

Vakinankaratra

## Nitombo 10% ny mpizahatany vahiny sy Malagasy

Isan'ny toerana mahasarika ary handalovan'ny mpizaha-tany ny eto Antsirabe. Efa azo lazaina fa efa misy hatrany moa ny ezaky ny Ofisim-paritry ny fizahan-tany eto Vkinankaratra mba hisarihana ihany koa ny mpizaha-tany tsy handalo fotsiny fa mba hitsidika ireo toera-malaza mampiavana an'i Vakinankaratra. Manao fanamby goavana ny hampitombo ny mpizahatany tonga eto Vakinakaratra, sy hitazona azy ireo mihoatra ny iray andro ny ofisim-paritry ny fizahantany eto Vakinakaratra. Nandritra ity taona 2019 ity, dia niakatra 10% izany mpizahatany tonga sy nitsidika teto izany, ary efa mahavelombolo io taha io, na mbola somary lavitry ny tokony ho izy aza. Tsara ho marihina fa ao anati'nny fitantanana sy mpitantanana vaovao mihitsy ny ofisim-paritry ny fizahantany eto VAkinakaratra ami'nizao fotoana izao. Misy hoy Atoa Rakotonirina Elie Jean, filoha lefitry ny filankevim-pitantananan'ny ofisim-paritry ny fizahantany, ny fanohizana ireo ezaka vitan'ny teo aloha, saingy io fanamby hampiakatra ny tahan'ny mpizahatany io ksoa, dia ezaka goavana ho azy ireo. Nahitana fiakarany ary io taha io, ka raha ny fanazavany, dia maro ireo antony nahatonga izany, ka isan'io ny fampiroboroboana ny fizahantany eny ambanivohitra sy ny fikarakaran'izy rieo ny fitsangatsanganana rodobe, izay sady fanatanjahantena no fitondrana ireo mpizahatany hitsidika ireo toerana manan-tantara maro tsy mahazatra hatrizay. Efa napetrak'izy ireo ho fomba fiasa mihitsy aza moa, manomboka ny volana jolay izao, fa isaky ny sabotsy faran'ny volana dia tsy mintsy hisy io hetsika io. Ho an'ny volana jolay izao, dia ny any Antalaviana, no hitondrana ireo mpizahatany. Ity toerana ity, izay mbola tsy misy mahalala mihitsy, nefa manana ny tantarany eo amin'ny fizahantany tokoa, satria ahitana ireo dobo natoraly filomanosana any, ary tsara ho an'ireo vahiny tia ny fitondrana bisikileta sy sy fiakarana an-tendrombohitra. Ankoatra izay, dia nambarany fa efa maro ireo toerana izay nanaovana fidinana ifotony eto Vakinakaratra, izay tena tsara ho fampiroboroboana ny fizahantany eto tokoa, ka isan'izany ny ao Tsinjoarivo Ambatolampy izay manana ny lazanay ami'nny tantaran'andriana sy nyrova maro mbol atafajanona ao. ty fomba fiasa iray ity ihany koa no fantatra fa nahavitan'ny ofisim-paritry ny fizahantany nitazona ireo mpizahatany andro maromaro, raha toa ka toeram-pandalovaana fotsiny Antsirabe hatramin'izay. Isan'ny nitondran'izy rieo fanazavana ihany koa ny farihin'i Tritrivan izay maro no mimenomenona momba ny vola aloan'ny mpitsidika ao. Nambaran'Atoa Elie Jean Rakotonirina, fa toy ny toeram-pizahatany rehetra dia misy sarany aloa amin'ny fidirana amin'ireny, ary misy ihany koa ireo mpitandia izay efa mahazo alàlana amin'ny ministera mpiahy fa tsy mandehandeha foana akory.

**Lezama**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miasa aminy nitsidika ireo niharamboina teny amin'ny Hopitaly HJRA.**















